


Les paroles s’envolent mais les écrits restent. Aussi l'Histoire d'un pays et de ses dirigeants doit être transmise non pas comme des contes, des légendes, des histoires à dormir debout sans preuve concrète, mais avec des mots écrits qui traverseront l'Espace et le Temps et resteront l'héritage des générations futures. Ny dikan'ireo dia izao manaraka izao :




*Ny teny mandalo fa ny soratra mitoetra. Ny tiana ambara amin'io ohabolana io dia izao: tsy azo ampitaina toa angano na tantara valamaty tsy misy porofo ny Tantaram-pirenena sy ny an'ireo mpitondra nifandimby, mifandimby ary mbola hifandimby, fa tsy maintsy soratana hatrany hatrany, ka tsy misy ovana na anaovana fifandraisana amin'izay tiana hivoitra ( "interprétation" mazàna diso sy maloto). Tsy mendrika antsoina Firenena koa ny firenena tsy manana Tantara voarakitra an-tsoratra. Ireo soratra ireo no haharitra mandrakizay ka ho lova ho an'ny taranaka amin'izao vaninandro izao sy ireo mbola ho avy.*

*Tsy voatery zavatra tsara foana anefa no voarakitra an-tsoratra. Kanefa tokony miala avy amina*

*zava-nisy marina mba hanitsian'ny mpitondra ny fomba hitondrany ny Firenena iray. Amin'izao andron'ny teknolojia vaovao izao moa dia toa vorona azon'adala tokoa ny Facebook ka dia samy manoratra izay saim-pantany daholo, indrindra ireo atosiky ny fankahalana sy ny halako bika tsy tiako tarehy. Ny tantara anefa dia manome porofo fa ireo "Malagasy" izay avo vava rehetra dia levona tsy hita intsony avy eo.  Samia manana tadidy fa tsy ivalamparako eto izany.*



Fanirisoa Ernaivo, Marc Ravalomanana, Hery Rajaonarimampianina, Fleury Rakotomalala natambatry ny fankahalana sy ny fitiavan-tseza diso tafahoatra. Ho levona tsy ho ela izy rehetra

*Ny mampahonena dia ireo miseho ho Malagasy monina ao Frantsa (10.000 km avy eto Madagasikara!) no miseho mahalala ny zava-misy. Ohatra amin'izany ry Fleury Ernaivo manao sesin-tany ny tenany satria tsy madio fo sy saina ary fanahy ka manohy ny asa ratsin-dry Rasanjy sy Gallieni mitambatra... Vidéo no fampiasany. Dia mionona amina tatitra omena tera-tany eto an-toerana ka mazava fa resa-bola matoa tsy mifaranaka amin'ny zava-mitranga foana ny sora-be ataon-dry zareo ao amin'ny pejiny Facebook. Fehiny: misy farany ny zava-drehetra toa ny nataon'i Ramatoa Claudine Razaimamonjy izay voasazy 10 taona asa an-terivozona. Iza moa no tena nanenjika azy io fony Filohan'ny Sendikan'ny Mpitsara Malagasy ? Ary iza tokoa moa no nanangana io CENI torian'ny antoko TIM amin'izao fotoana izao? Misy tena mahay mandrora mitsilany mihitsy e!*




Izany rehetra izany dia efa voasoratra ho an'ny Tantaram-pirenena. Ary ireto manaraka ireto kosa dia ho tadidin'izany Tantaram-pirenena ihany koa, dia ny hafatra mafonja noraisiko an-tsoratra (*"extraits"*) avy tao amin'ny kabary nataon'ny Filoha Andry Rajoelina tao amin'ny CCI Ivato, ny 11 Desambra 2019. Izany dia tafiditra tao amin'ilay *"Dinika Nosy Malagasy: Ampitao ny hevitrao"*. Izay no ela fa tafiditra ao anatin'ny Tantaram-pirenana malagasy tokoa ireto manaraka ireo.



**Jeannot Ramambazafy**

*******************************************************




**[VIDEO ETO]**

"(...) Ny fiteny hoe *"diviser pour mieux régner"* (Ttf : Zarazarao hanjakana. Politika fisaraham-bazana napetrak'i Joseph Gallieni nanomboka ny taona 1896) no mbola mahatonga ny firenen-tsika ho toa izao, amin'izao isika miteny izao. Hanova izany isika. Izao anefa isika dia mahita taratra sahady izany endrika fampizarazana an'ny Malagasy izany. Ary izay no mahatonga aho miteny anareo (Ndlr: nanatrika tao) hoe : Malagasy Tia Tanindrazana. Isaorako manokana an'ny Filoha Didier Ratsiraka. Andao hifanampy, andao hifanome tànana fa rehefa miray fo, miray saina isika, milaza aminareo aho fa tsy maintsy ho tratra ny tanjona ary tsy maintsy ho tafita i Madagasikara (...)".













CCI IVATO, 11 Desambra 2019. Ny Filoha ankehitriny, Andry Rajoelina, sy ny Filoha teo aloha, Didier Ratsiraka, niara-niredona ny hiran'ny mpitolona malagasy natao sesin-tany, ny taona 1947 : *"Mitsangana ry tanora, mitsangana fa aza manana ahiahy; izao no ...*


AIR MADAGASCAR : HATAO VELOMA MANDRAKIZAY ATSY HO ATSY.
La Gazette de la Grande Ile
Les mêmes refrains de Ravalomanana
Claudine et Eddy
Condamnations et interrogations
Editorial
Pluie d'étoiles ... pour aller récupérer les Iles Malgaches
En pleine guerre intestine !
Vendredi 13 : vent de folies au Parlement


Andry Rajoelina : Hafatra mafonja hitoetra eo amin'ny Tantaram-pirenena